

BIRAO MAHALEOTENA IADIANA
AMIN'NY KOLIKOLY



**TARI-DÀLANA HO AN'NY
MPAMPITA HAFATRA
FANABEAZANA
MOMBA NY ADY
AMIN'NY
KOLIKOLY**

Ny fanontàna ity boky ity dia niaraha-niasa tamin'ny Fandaharanasan'ny Firenena Mikambana ho an'ny Fampanandrosoana nandritry ny fanatanterahana ny tetikasa GOUDMADA izay vatsian'ny Tahirimbolan'ny firenena mikambana ho fanamafisana ny fahandriampahalemana (UN PBF).

Io tetikasa io dia mikendry ny hanamafy ny fahatokisan'ny olompirenena ireo rafi-panjakana amin'ny alalan'ny fanohanana ireo rafitra iadiana amin'ny kolikoly sy ny fampitomboana ny sehatra ifanakalozana sy ahazoana torohevitra.




BIRAO MAHALEOTENA IADIANA
AMIN'NY KOLIKOLY



**TARI-DÀLANA HO AN'NY
MPAMPITA HAFATRA
FANABEAZANA
MOMBA NY ADY
AMIN'NY
KOLIKOLY**

TENY FAMPIDIRANA	3
TANJONA ANKAPOBENY	4
VOKATRA ANDRASANA	4
I. IREO SOKAJIN'OLONA HEVERINA HAMPIASA ITY TARI-DÀLANA ITY	4
II. IREO TSARA HO FANTATRA MOMBA NY TONTOLON'NY ADY AMIN'NY KOLIKOLY	5
- FAMARITANA NY KOLIKOLY	5
- NY PAIKADIM-PIRENENA IADIANA AMIN'NY KOLIKOLY	6
- NY RAFITRA MIADY AMIN'NY KOLIKOLY	9
III. IREO VOKA-DRATSY ATERAKY NY KOLIKOLY	10
IV. IREO IRAKA SY ANDRAIKITRA MIANDRY IREO MPISAHATRA	12
V. IREO HIANTEFAN'NY HAFATRA SY NY VOTOATY AMPITAINA	13
VI. IREO FANTSONA AMPIASAINA HAMPITANA NY HAFATRA FANABEAZANA	20
VII. FANANAN'NY FANANAN'NY HAFATRA FANABEAZANA	22
VIII. FAMPANAN'NY FANANAN'NY HAFATRA FANABEAZANA	23
IX. IREO BIRAON'NY BIANCO MANERANA NY NOSY	24



Nandritra izay folo valo amby taona niadiana amin'ny kolikoly izay dia maro ireo dingana vita sy bainga voavadika teto Madagasikara, na dia iaraha-miaiky aza fa mbola mankadiry ny asa miandry. Noheverina fa andraikitra manandrify ny Birao Mahaleotena iadiana amin'ny Kolikoly (BIANCO) samirery ny ady amin'io fanetriben'ny firenena io nandritra izany fotoana lava izany, ka maro ny nisafidy hanao lazana-davitra fotsiny fa tsy nitombo ny ady.

Ny andininy fahafito ao amin'ny lalàna 2016-020 tamin'ny 22 aogositra 2016 momba ny ady amin'ny kolikoly anefa dia mampiandraikitra ny olom-pirenena hitondra anjara biriky araka izay tandrify azy mba hampanjary ny ady amin'ny kolikoly.

Rehefa nandray ny fitantanana ny Birao ny tenany tamin'ny tapaky ny taona 2019, dia nanao ho laharan-pahamehana ny fampandraisana anjara sy andraikitra ny rehetra amin'ny alalan'ilay fomba fiasa mampanao (Mode opératoire faire-faire : MOFF). Raha tsy ny rehetra tokoa mantsy no manao soroka miara-milanja sy tongotra miara-mamindra dia tsy ho tomombana ny ady ary ahiana mihitsy aza ny hihemorana ny fielezana ny kolontsain'ny fandavana sy ny tsy fandeferana manoloana ny fahalovana eo amin'ny fiainana andavanandro.

Heverina ary fa ianareo mpisehatra eo anivon'ny fiarahamonim-pirenena dia isan'ireo kitro hifarahana amin'ny fampitana ny hafatra fanabeazana sy fandrisihana ny vahoaka hitombo ny ady atao amin'ny kolikoly. Amin'ny maha rafitra arapanjakana mitarika ny fanatanterahana ny paikadim-pirenena iadiana amin'ny kolikoly azy, dia vonona ny BIANCO hizara ny traikefa sy ny fahaizamano ananany, mba hifanandrifian'ny ezaka ataonareo manoloana ny fenitra mampahomby ny ady. Izany indrindra no antony namokarana izao tahirin-kevitra



Laza Eric Donat ANDRIANIRINA

izao, izay tohanan'ny tetikasa GOUDMADA /PNUD ny fanontana azy, ho tari-dàlana ka hanampy anareo, tsy ho amin'ny famantarana fotsiny ihany ireo tanjona sy vokatra andrasana amin'ny asa fanabeazana sy fanentanana atao, fa ho fitaovana ihany koa handrantoana sy hanamafisana ny fahaizamano momba ireo tetika sy paika enti-mampanjary izany asa sarotra nefa manana ny hasiny izany.

Ny fampiharanao mpisehatra rehetra eo anivon'ny fiarahamonim-pirenena izay voalaza ato anatin'ity tahirin-kevitra ity, dia andrainina hampirindra sy hampahomby ny ezaka ataonareo. Koa alao hery, fa ny andraikitra raisin'ny tsara sitrapo tsirairay no hany fepetra haha to sy tanteraka ilay vina hoe « **Malagasy mitombo ny ady amin'ny kolikoly, misitraka ny anjara masoandrony** ».

Ankoatra ny mahasarotra sy lavitr'ezaka ny asa fanabeazana ny vahoaka handà ny kolikoly, dia ilaina ny hisian'ny firindrana eo amin'ny fanatanterahana. Na dia tsy mitovy aza ireo sokajin'olona manaiky hisehatra (Olobe to teny, tanora anaty fikambanana, mpanao gazety sy mpampahalala vaovao, mpitarika fikambanana, mpitondra fiangonana ...) dia tsara raha tsy mifanipaka ny votoatin-kafatra ampitaina. Mety maro ihany koa ireo manana ny fahavononana handray andraikitra kanefa mbola miambakavaka eo amin'ny fomba hanatanterahana izany. Noho izany dia novokarina izao tahirin-kevitra izao mba hisian'ny firindrana, tsy eo amin'ny votoatim-panabeazana ihany fa eo amin'ny fomba fampitana izany ihany koa.

VOKATRA ANDRASANA

Rehefa avy mamaky izao tari-dàlana izao ny mpisehatra amin'ny ady amin'ny kolikoly, dia hanana valiny mazava izy amin'ireto fanontaniana manaraka ireto :

- Beazina haninona ny vahoaka ?
- Inona ireo fonjan-kevitra ampitaina hisian'ny fitompoan'ny daholobe ny ady amin'ny kolikoly bebe kokoa?
- Ahoana ny fomba hampitana ny hafatra, na inona ireo fitaovana /fantsona azo ampiasaina hampitana izany ?
- Toe-tsaina manao ahoana no tokony hananan'ny mpanabe misehatra amin'ny ady amin'ny kolikoly ?

Ny olona rehetra vonona hirotsaka an-kitsipo sy an-tsitrabo hanabe ny vahoaka handà sy tsy handefitra manoloana ny kolikoly dia afaka mampiasa izao tari-dàlana izao avokoa. Singanina manokana ao anatin'ny maro anefa ireto sokajin'olona ireto noho ny toerana misy azy sy ny andraikitra raisiny eny anivon'ny fiarahamonina:

- Mpitarika sy mpikambana eny anivon'ny fikambanana tsotra na ara-pinoana;
- Olobe to teny ara-piarahamonina sy aradrazana;
- Mpanao gazety sy mpampahalala vaovao;
- Tanora mpianatra na anaty fikambanana sy seha-pitaizana;
- Mpanakanto ...

« Ny tondro tokana hono tsy mahazo hao » ary « ny hazo tokana tsy mba ala ». Tsy mialon-jafy ny BIANCO sy ny ady amin'ny kolikoly fa miantso sy mampirisika ny rehetra handray anjara, handray andraikitra ary hitompo ny ady. Satria tokoa, « olom-pirenena mandray andraikitra, miara-mientana handresy ny kolikoly » no fenitra.



FAMARITANA NY KOLIKOLY

Tsy ireo tsy fahatomombanana rehetra na ny tsy rariny sy tsy ara-dalàna rehetra toy ny halatra, vono olona, fanolanana, ... hitantsika eny anivon'ny fiarahamonina dia ho sokajiansika ho kolikoly avokoa. Fantaro fa ny lalàna laharana faha 2016-020 tamin'ny 22 aogositra 2016 momba ny ady amin'ny kolikoly no mamaritra ireo fandikan-dalàna voasokajy ho kolikoly na mitovy endrika aminy. Raha fintinina ny voalazan'io lalàna io dia azo faritana tsotsotra ho toy izao manaraka izao ny kolikoly :

« Ny kolikoly dia ny fampiasana ny fahefana ananana amin'ny fomba tsy ara-dalàna mba hahazoana tombontsoa manokana na hanomezana tombontsoa olona iray na vondron'olona na rafitra ».

Fahefana

Mety ho fahefam-panjakana ilay ampiasaina na koa fahefana ara-moraly /ara-piarahamonina izay miendrika fanararaotana ny toerana misy mba hanovana ny fanapahan-kevitra ny olom-panjakana /olom-boafidy iray amin'ny fanatanterahana ny asany. Tsy tokony hadinoina ihany koa ny fahefan'ny vola izay mahatonga ny hoe ny mpanambola indray no lasa mibaiko ny manam-pahefam-panjakana ka tsy hampanara-dalàna azy.

Tsy ara-dalàna

Noho ny fahefan'ny vola, na ny tsindry aloka na ny fanaparam-pahefana ... dia voasarika handika lalàna /fitsipika /fomba fiasa ... ny olom-panjakana na ny tompon'andraikitra amin'ny sehatra tsy miankina.



Tombontsoa

Tsy maintsy misy tombontsoa kendrena amin'ny fanaovana kolikoly. Mety ho tombontsoa mivantana ho an'ilay manam-pahefana (olom-panjakana / olom-boafidy, mpanam-bola, mpanao tsindry aloka, ...) izany na koa tombontsoa atolotra ho an'ny hafa. Rehefa alalinina io tombony io dia ivelan'ireo tombony eken'ny lalàna fa tokony ho azo. Tsy voatery ho vola izany tombony izany fa mety ho fanapahan-kevitra mifanitsy amin'ny filàna manokana, trano, omby, fiara, asa ... na mety ho fahafinaretana ara-nofo ihany koa.

Famaritana fototra ihany izany rehetra izany fa miseho amin'ny endriny maro ny kolikoly : fanararaotana amin'ny fisahanana asa, fanararaotana ny fahafantarana olona, fakam-bola tsy ara-dalàna, fanomezana na fandraisana kolikoly, fanekena handray fanomezana tsy ara-dalàna, fanodinkodinana vola na fananam-panjakana, ... Ampiarahina amin'izao tari-dàlana izao ny dika mitov'ny lalàna laharana faha 2016-020 tamin'ny 22 aogositra 2016 momba ny ady amin'ny kolikoly mba hahitantsika amin'ny antsipiriany ireo fandikan-dalàna mitovy endrika amin'ny kolikoly ireo.

Anisan'ny fepetra tsy azo ihodivirana ho an'ny fahombiazan' ny ady amin'ny kolikoly ny fanehoam-pahavononan'ny olom-pirenena any ifotony. An'ny rehetra mantsy ny ady amin'ny kolikoly. Ny lalàna momba ny ady amin'ny kolikoly rahateo dia manamafy ny tsy maintsy handraisan'ny sehatra isan-tokony araka izay landrify azy ny fanabeazana sy ny fisorohana ny kolikoly. Ny firotsahana sy ny fandraisana andraikitra ny mpisehatra rehetra na mivantana na ankolaka no antoky ny fahombiazan'ny ady amin'ny kolikoly.

Notazonina hatreto ny tokotelo mahamasa-nahandro mandrafitra ny paikadim-pirenena iadiana amin'ny kolikoly manankery eto Madagasikara : ny fanabeazana, ny fisorohana ary ny fampiharana ny lalàna. Araka ity kisarisary manaraka ity dia tsy tokony misy singa iray mihodina /miasa irery fa tsy maintsy miaraka mba hahitana fahombiazana maharitra.

Fanabeazana

Miompana amin'ny mahaolona ity singa voalohany ity. Mety ho asa lavitr'ezaka nefa vahaolana maharitra amin'ny fanafoanana hatrany amin'ny fotony ny kolikoly ny fanabeazana. Fintinina amin'ireto teboka dimy ireto ny votoatim-panabeazana :

- Fampahafantarana ireo voka-dratsin'ny kolikoly isan-tsehatra ;
- Fampahafantarana ny daholobe ny lalàna momba ny ady amin'ny kolikoly ;
- Fampitomboana ny kolontsain'ny fahitsiana sy ny tsy fandeferana manoloana ny kolikoly ;
- Fampitomboana ny daholobe ny ady amin'ny kolikoly sy fampirisihana ny rehetra handray anjara mavitrika amin'izany ;
- Fambolena ireo soatoavina sy ny kolontsaina mandà kolikoly eo anivon'ny isan-tsehatra.



Fisorohana

Miompana amin'ny lamina (système) sy ny fomba fiasa (procédures) kosa ity singa faharoa ity. Asa sokajiana ho antenantenan'ezaka izy ity kanefa mifameno tanteraka amin'ny fanabeazana. Na mendrika toa inona aza ny mpisehatra kanefa tsy mirindra, mitarazoka, tsy ampy fanaraha-maso, tsy ampy mangarahara ... ny fomba fiasa eo amin'ny sehatra iray dia tsy maintsy hahazo vahana ny kolikoly. Aompana amin'ireto teboka manaraka ireto ny ezaka ho fisorohana ny kolikoly :


- Fandalàna ny mangarahara sy ny tamberinandraikitra ;
- Fampirisihana ny fampiasana ny hay kajy mirindra eo amin'ny fikirakirana ny asam-panjakana ;
- Fametrahana sy fandrafetana rafitra anatiny miady amin'ny kolikoly eo anivon'ireo ministera sy sampan-draharaham-panjakana ;

- Fampirisihana sy fanentanana ireo haino aman-jery miankina sy tsy miankina sy ireo fikambanana isan-tsokajiny amin'ny fandraisan'anjara amin'ny fiaraham- misalahy hanoherana ny kolikoly ;
- Fampirisihana sy fiarovana ireo mpiasa manana fahamendrehana.

Fampiharana ny lalàna

Heverina fa sahan'asa hahitambokany eo no ho eo na fara-faharatsiny antomotr'ezaka ity fahatelo ity. Mba hiadiana amin'ny toe-tsaina tsimatimanota dia ilaina ny fanasaziana ny mpanao kolikoly. Tsy ny kolikoly ihany anefa no tokony hampiharana ny lalàna amam-pitsipika fa rehefa mety ho fahadisoana mihoatra amin'ny fepetra /fitsipika /fomba fiasa voafaritra dia tsara raha misy fanasaziana mifandraika aminy mba hampiatoana ny gaboraraka, ka tsy hiverimberenan'ny fahadisoana sy ho anatra ho an'ny hafa ihany koa.





WWW.DCN-PAC.MG

WWW.SAMIFIN.GOV.MG

BIANCO-MG.ORG

WWW.CSI.GOV.MG

NY RAFITRA MIADY AMIN'NY KOLIKOLY

RAFITRA	ANDRAIKITRA
CSI : Komity Mitandro ny Fahitsiana	<ul style="list-style-type: none"> - Miandraikitra ny fanaraha-maso sy fizohiana ny fampiharana ny politika sy paik'ady momba ny ady amin'ny kolikoly. - Manolotra hevitra sy tolo-kevitra mikasika ny ady amin'ny kolikoly ho an'ireo Andrim-panjakana sy ireo fikambanana miankina na tsia amin'ny fanjakana.
BIANCO : Birao Mahaleotena ladiana amin'ny Kolikoly	<ul style="list-style-type: none"> - Mampahafantatra ny olom-pirenena momba ireo voka-dratsy ateraky ny kolikoly ary mandrisika ny fiarahamonina hiady amin'ny kolikoly. - Misoroka ny irika hidiran'ny kolikoly amin'ny sehatr'asa rehetra. - Manao fanadihadiana ireo tranga ahiana ho misy kolikoly.
SAMIFIN : Sampandraharaha ladiana amin'ny famotsiam-bola sy ny famatsiam-bola ny asa fampihorohoroana	<ul style="list-style-type: none"> - Mitarika ny ady amin'ny famotsiam-bola sy famatsiam-bola ny asa fampihorohoroana. - Mandray sy mamakafaka ary manapariaka ireo vaovao mikasika ny fivezivezen'ny vola eto an-toerana sy any ivelany.
PAC : Fitsarana Voatokana ladiana amin'ny Kolikoly	<ul style="list-style-type: none"> - Manenjika sy mitsara ireo fandikan-dalàna kolikoly sy ny mitovitovy aminy, ny famatsiam-bola ny asa fampihorohoroana, ary ireo fandikan-dalàna ara-bola sy ara-toekarena goavana sy sarotra.
ARAI : Sampandraharaha mitazona sy mitantana ny harena azo avy amin'ny tsy rariny sy ny kolikoly.	<ul style="list-style-type: none"> - Manatanteraka ny didim-pitsarana mihazona sy manageja ireo harena azo avy amin'ny tsy rariny sy ny kolikoly. - Mamerina amin'ny Fanjakana ireo vola sy fananana azo avy amin'ny fanodinkodinana. - Mitahiriy sy mitantana ireo fananana voageja, na ny tambiny mifanaraka amin'izany.

II. IREO VOKA-DRATSY ATERAKY NY KOLIKOLY

Teboka lehibe iray amin'ny asa fanabeazana ny olom-pirenena amin'ny ady amin'ny kolikoly ny momba ireo voka-dratsy aterany isan-tsehatra. Dingana tsy maintsy lalovan'ny beazina tokoa mantsy ny fanekena fa ratsy ny kolikoly ka ilaina ny mamongotra azy. Aseho amin'ity fafana manaraka ity ireo voka-dratsy fototra azo iaingana mandritry ny asa fanentanana sy ny fanabeazana izay atao. Foto-kevi-dehibe voizina anefa ny hoe io kolikoly io no mampahantra antsika Malagasy ary tsy handrasana hanankarena vao hiady amin'ny kolikoly fa ny toe-tsaina no hovaina. Ny fehin-kevitra ny Banky iraisam-pirenena dia mametraka fa raha te handresy marina ny fahantrana ny firenena iray dia tsy maintsy mandresy ny kolikoly aloha.



SEHATRA	VOKA-DRATSY
Fitantanana firenena / Fitondram-panjakana	<ul style="list-style-type: none"> - Fanjakana tsy miorina amin'ny safidim-bahoaka ka tsy marin-toerana. - Fanjakana tsy itokisan'ny vahoaka. - Vahoaka sarotra entanina /entina noho ny tsy fahatokisana ny mpitondra.
Fanatanterahana asam-panjakana	<ul style="list-style-type: none"> - Tsy fitokisan'ny vahoaka ny asam-panjakana ka mampirongatra ny fitsaram-bahoaka sy ny fandorana biraom-panjakana. - Tsy fahampian'ny karama sy ny fitaovana enti-miasa noho ny tsy fisian'ny vola ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana. - Fitarazohan'ny fanatanterahana asa (sady antony no vokatra) satria misy olona tsy mahay nefa mitana ny toerana / andraikitra.

SEHATRA	VOKA-DRATSY
Fihariana tsy miankina	<ul style="list-style-type: none"> - Fampiasam-bola tsy azo antoka / tsy mari-toerana - Firoboroboan'ny fifaninanana tsy ara-dalàna (concurrence déloyale). - Fahafatesan'ireo orinasa marefo nohon'ny fitomboan'ny sandan'ny fihariana sy ny tsy fahazoana tsenan'asam-panjakana izay efa angonin'ireo orinasa "mahitahita".
Fitantanana fikambanana / fiainam-pikambanana	<ul style="list-style-type: none"> - Fikorontanan'ny fikambanana noho ny tsy fisian'ny fifampitokisana eo amin'ny mpitarika sy ny tarihina. - Tsy fitokisan'ny vahoaka sy ny mpamatsy vola ny fikambanana.
Fiarahamonina /Sosialy	<ul style="list-style-type: none"> - Fitomboan'ny elanelana misy eo amin'ny mpanana sy ny mahantra. - Ady sy fifamonoana lava reny noho ny tsy fahafahampo amin'ny didim-pitsarana mivoaka (ady tany, halatra, vono olona, ...). - Faharatsian'ny fotodrafitrasa ara-tsosialy tena ilaina sy ny tolotra (fahasalamana, fianarana, lalana, ...).
Tanora sy ny ankizy	<ul style="list-style-type: none"> - Hoavy tsy azo antoka: izay mahitahita ihany no hahazo asa. - Lany tamingana ny harena voajanahary ka tsy misy ho antenaina intsony. - Maniry ao an-tsain'ny tanora ny hoe tsy izay mahay no afaka sy tafita fa izay maha-tolotolotra ...



III. IREO IRAKA SY ANDRAIKITRA MIANDRY IREO MPISEHATRA

IRAKA

Araky ny lalàna momba ny ady amin'ny kolikoly dia iraka ampamaovina ny BIANCO ny "manabe ny vahoaka momba ny loza ateraky ny kolikoly sy ny tokony hiadiana amin'izany, ny fanetsiketsehana ny saim-bahoaka mba hanohana io ady io". Ireo mpisehatra rehetra vonona hanolo-tànana ny BIANCO dia iantefan'izany iraka izany ihany koa.

ANDRAIKITRA

Toy izao manaraka izao ary ireo andraikitra sy vaingan'asa mifandraika mivantana amin'io iraka io ka atolotra hiantsorohan'ireo mpisehatra vonona handray anjara sy handray andraikitra amin'ny ady amin'ny kolikoly :

- Mampahafantatra sy manao izay hahatonga saina ny vahoaka momba ireo voka-dratsy ateraky ny kolikoly ;
- Mampahafantatra ny atao hoe kolikoly sy ireo fandikan-dalàna mitovy endrika aminy mba tsy hanaovan'ny olom-pirenena izany, ary manao izay hahatsara ny kalitaon'ny fitarainana ;
- Mampirisika ireo rehetra niharan'ny kolikoly na vavolombelona hitatitra izany tsy misy hatakandro any amin'ny BIANCO ;
- Mampirisika ny olom-pirenena hitompo ireo soatoavina fototra toy ny fahitsiana,

fanarahan-dalàna, fanajana ny fananana iombonana, ... ;

- Manentana ny rehetra (mpiasam-panjakana, mpila raharaham-panjakana, ...) handà ny kolikoly ;
- Mampirisika ny fiarahamonim-pirenena sy ny fikambanana ara-pinoana handray anjara sy andraikitra amin'ny ady amin'ny kolikoly ;
- Mampirisika ireo sehatrasam-paniakana sy ny sehatra tsy miankina handray ireo fepetra rehetra ilaina sy mahomby hisorohana ny kolikoly ;
- Manao fanarahamaso sy fanairana (veille et interpellation) momba ny fanatanterahan'ny sampandraharaham-panjakana sy ny mpitondra isan-tsokajiny ny asany ;
- Mampirisika ny olom-panjakana voakasiky ny fanambaram-pananana hanao izany mba hisian'ny fitokisan'ny vahoaka ny mpitondra azy sy ho fisorohana ny fampiasana ho amin'ny tombontsoa manokana ny fananam-panjakana ;
- Mampirisika ny olom-pirenena hanohana ny ady amin'ny kolikoly sy ny rafitra mitarika izany (BIANCO) raha sendra fahasaratana sy fihantsiana.

IV. IREO HIANTEFAN'NY HAFATRA SY NY VOTOATY AMPITAINA

Amin'ny ankapobeny dia mizara enina miavaka tsara araka izao kisarisary manaraka izao ireo sokajin'olona hiantefan'ny hafatra fanabeazana :



Fanamarihana: Ny mpampita hafatra eto dia ireo sokajin'olona rehetra vonona hirotsaka ankitsim-po sy an-tsitrabo hanabe ny vahoaka handa sy tsy handefitra manoloana ny kolikoly.

MPITONDRA FANJAKANA, MPIASAM-PANJAKANA,
OLOM-BOAFIDY, MPANAO POLITIKA

- FAHITSIANA
- FINJAVANA POLITIKA
- FANARAHAN-DALÀNA
- MANGARAHARA
- TAMBERIN'ANDRAIKITRA
- FANAMBARAM-PANANANA
- FAMETRAHANA RAFITRA HO FISOROHANA NY KOLIKOLY ISAN-TSEHATRA
- FAMPIRISIHANA IREO MPIASA MAHITSY
- FANDAVANA SY FANOHERANA NY KOLIKOLY (FANARARAOTANA AMIN'NY FISAHANANA ASA, FANODINKODINANA, TSENAM-BARO-PANJAKANA, FIFANARAHANA HO FITRANDRAHANA HARENA VOAJANAHARY ...)
- FITOROHANA NY MPANAO KOLIKOLY
- TANDROHASINA ARA-POLITIKA SY FAHADIOVAN'NY FAMATSIAMBOLAN'NY ANTOKO



MPANDRAHARAHA / MPIASA AMIN'NY SEHATRA TSY MIANKINA

- FAHITSIANA SY FANDAVANA NY KOLIKOLY ARA-POLITIKA (FAMATSIANA FAMPIELEZANKEVITRA IKENDRENA TAMBINY)
- FANARAHAN-DALÀNA
- FAMETRAHANA RAFITRA/FOMBA FIASA HO FISOROHANA NY KOLIKOLY
- FITOMPOANA FITSIPI-PITONDRAN-TENA / TANDROHASINA MOMBA NY FANDRAHARAHANA
- FANDAVANA SY FANOHERANA NY KOLIKOLY AMIN'NY TSENAM-BAROTRA IFANAOVANA AMIN'NY FANJAKANA, FITRANDRAHANA HARENA VOAJANAHARY, ...
- FITOROHANA NY MPANAO KOLIKOLY
- TSY FANARARAOTANA NY FAHALEMEN'NY MPIASAM-PANJAKANA



MPILA NY RAHARAHAM-PANJAKANA, OLOM-PIRENENA TSY ANKANAVAKA

- FANDAVANA SY FANOHERANA NY KOLIKOLY
- FANARAHAN-DALANA
- FAMAKIANA SY FANAJANA IREO FEPETRA / FOMBA FIASA HO FISOROHANA NY KOLIKOLY
- FANKASITRAHANA AM-BAVA IREO MPIASAM-PANJAKANA MAHITSY / MADIO
- FITOROHANA NY MPANAO KOLIKOLY
- FANENTANANA NY MANODIDINA HANDRAY ANDRAIKITRA KA HANOHITRA NY KOLIKOLY




MPITARIKA SY MPIKAMBANA FIARAHAMONIM-PIRENENA (OSC) / FIANGONANA / MPAMPAHALALA VAOVAO

- FANENTANANA NY MPIKAMBANA / MPINO HANDA NY KOLIKOLY
- FANANGANANA VONDROM-PIKAMBANANA MIADY AMIN'NY KOLIKOLY (COALITION ANTI-CORRUPTION)
- FANARAHAMASO SY FANAIRANA NY MPITONDRA FANJAKANA
- FITOROHANA NY MPANAO KOLIKOLY
- FANOHANANA NY ADY AMIN'NY KOLIKOLY MANOLOANA NY FIHANTSIANA




TANORA (MPIANATRA NA TSIA)

- FANANGANANA / FIDIRANA AMIN'NY TAMBAZOTRAN'NY TANORA MANDALA NY FAHITSIANA SY NY FAHAMARINANA (RHI) MISO ENY AN-TSEKOLY
- TSY FIANTEHERANA AMIN'NY "MPANOSIKA" (PISTON) FA AMIN'NY FIEZAHAN'NY TENA IRERY
- FANAIRANA NY TOMPONANDRAIKITRY NY SEKOLY RAHA SENDRA TRANGA AHIANA HO KOLIKOLY
- FANENTANANA NY MANODIDINA (NAMANA, RAIAMANDRENY, ...) HANDA SY TSY HANDEFITRA MANOLOANA NY KOLIKOLY
- FITOROHANA NY MPANAO KOLIKOLY



MPITARIKA FIARAHAMONINA, OLOBE TO TENY, AMPANJAKA .

- FANENTANANA NY VAHOAKA HANDA SY TSY HANDEFITRA MANOLOANA NY KOLIKOLY
- FANAIRANA NY OLOM-PANJAKANA HANDRAY ANDRAIKITRA AMIN'NY TRANGA KOLIKOLY MISEHO
- FAMPIRISIHANA NY FAMETRAHANA RAFITRA /FOMBA FIASA HO FISOROHANA NY KOLIKOLY
- FANOHANANA NY ADY AMIN'NY KOLIKOLY MANOLOANA NY FIHANTSIANA
- FITOROHANA NY MPANAO KOLIKOLY
- FANAIRANA SY FANARAHAMA-MASO ARY FAMETRAHANA NY VONDRON'ANGAROA (POOL DE DONNEURS D'ALERTE)



V. IREO FANTSONA AMPIASAINA HAMPITANA NY HAFATRA FANABEAZANA

Safidiana arakaraky ny sokajin'olona hiantefan'ny hafatra ny fantsona ampiasaina hampitana ny hafatra fanabeazana ny olom-pirenena amin'ny ady amin'ny kolikoly. Ireto manaraka ireto misy soso-kevitra vitsivitsy azo ampiharina :

SOKAJIN'OLONA HAMPITANA NY HAFATRA	FANTSONA AMPIASAINA /FOMBA FAMPITANA
Mpitondra fanjakana, mpiasam-panjakana, olom-boafidy, mpanao politika ...	<ul style="list-style-type: none"> – Ady sisika (plaidoyer) ; – Fandaharana amin'ny haino aman-jery ; – Famelabelarana arahina ady hevitra ; – Tantara fohy mampihomemy (sketch) anaty lanonana (ohatra 09 desambra²) ; – Hira na kabary (Mpanakanto) ; – Hafatra an-gazety (encart presse) ; – Hafatra amin'ny tranokalam-pifandraisana (message posté sur YouTube, Facebook, ...) ; – Smsing, fandefasana hafatra miafina (MP) ; – Newsletter, fanoratana taratasy fampahafantarana ao anaty tambanjotran-tserasera ; – Fanentanana na fanairana mivantana an-kalamanjana na anaty birao (sensibilisation /interpellation directe lors d'une audience ou un discours).
Mpandraharaha /mpiasa amin'ny sehatra tsy miankina ...	<ul style="list-style-type: none"> – Ady sisika (plaidoyer) ; – Fandaharana amin'ny haino aman-jery ; – Famelabelarana arahina ady hevitra ; – Tantara fohy mampihomemy (sketch) anaty lanonana (ohatra 09 desambra, tsenabe ara-toekarena) ; – Hira na kabary (Mpanakanto) ; – Hafatra an-gazety (encart presse) ; – Hafatra amin'ny tranokalam-pifandraisana (message posté sur YouTube, Facebook, ...) ; – Fanentanana na fanairana mivantana an-kalamanjana na anaty birao (sensibilisation /interpellation directe lors d'une audience ou d'un diner d'affaires).

² Fankalazana ny andro iraisam-pirenena iadiana amin'ny kolikoly (JILCC).

SOKAJIN'OLONA HAMPITANA NY HAFATRA	FANTSONA AMPIASAINA /FOMBA FAMPITANA
Mpila ny raharaham-panjakana, olom-pirenena tsy ankanavaka ...	<ul style="list-style-type: none"> – Dinidinika mivantana eny ifotony (réunion publique) ; – Fandaharana amin'ny haino aman-jery ; – Famelabelarana arahina ady hevitra ; – Tantara fohy mampihomemy (sketch) anaty lanonana (ohatra 09 desambra, podium 26 jona, ...) ; – Hira na kabary (Mpanakanto) ; – Hafatra amin'ny tranokalam-pifandraisana (message posté sur YouTube, Facebook, forum de discussion ...) ; – Peta-drindrina, banderole, takelaby 4x3, dépliant /flyers ...
Mpitarika sy mpikambana anaty fiarahamonim-pirenena (OSC) /Fiangonana / Mpampahalala vaovao	<ul style="list-style-type: none"> – Ady sisika (plaidoyer) ; – Fandaharana amin'ny haino aman-jery ; – Famelabelarana arahina ady hevitra ; – Tantara fohy mampihomemy (sketch) anaty lanonana (ohatra 09 desambra, tsenabe ara-toekarena) ; – Hira na kabary (Mpanakanto) ; – Fandraisam-pitenenana anaty fotoan-dehibe ara-pinoana (fihaonam-be, zaikabe, ...) ; – Hafatra an-gazety (encart presse) ; – Hafatra amin'ny tranokalam-pifandraisana (message posté sur YouTube, Facebook, forum de discussion ...) ; – Fanentanana mivantana amin'ny alalan'ny fifanantonana (sensibilisation directe lors d'une audience).
Tanora (mpianatra na tsia)	<ul style="list-style-type: none"> – Hafatra amin'ny tranokalam-pifandraisana (message posté sur YouTube, Facebook, forum de discussion ...) ; – Sketch, scénette, slam, poème, ... ; – Famelabelarana arahina ady hevitra entanin'ny tanora ; – Fandaharana amin'ny haino aman-jery entanin'ny tanora ; – Andron'ny RHI.
Mpitarika fiarahamonina, olobe to teny, Ampanjaka ...	<ul style="list-style-type: none"> – Ady sisika (plaidoyer) / Fanentanana mivantana amin'ny alalan'ny fifanantonana (sensibilisation directe lors d'une audience) ; – Tantara fohy mampihomemy /fieritreritra (sketch) anaty lanonana (ohatra 09 desambra, podium 26 jona, ...).



Ireto misy teboka vitsivitsy tsy maintsy tandremana /tsy azo atao ao anatin'ny fandraisan'andraikitra hampita ny hafatra fanabeazana momba ny ady amin'ny kolikoly :

- Tandremana mba tsy hisy handika ho endrika fanalam-baraka (diffamation) ny fanairana (interpellation) izay atao ;
- Tsy mpiasan'ny BIANCO velively ireo mpampita hafatra fa olom-pirenena nanolotena an-tsitrapo handray andraikitra amin'ny ady atao amin'ny kolikoly. Noho izany dia tsy azo atao ny mitonona ho BIANCO, na mandray fitarainana na manandrana manao fanadihadiana amin'ireo tranga heverina ho misy kolikoly itarainan'ny olona eny ifotony ;
- Tsy azo atao ihany koa ny mitaky vola aman'olona na inona na inona antony mandritra ny fanatanterahana ny asa fanabeazana ;
- Raha nahazo famatsiana ara-bola na ara-

pitaovana avy amin'ny BIANCO na avy amin'ny Mpiara-miombonantoka hafa, dia tandremana tsara ny maha mangarahara sy ara-dalàna ny fitantanana rehetra. Tsy azo atao ny manodinkodina ireny tohana ireny ho amin'ny tombontsoa manokana ;

- Raha mitady fanohanana amin'ny malala-tànana ny mpampita hafatra dia tandremana tsara mba tsy ho vola maloto sy tsy fantam-pihaviana no ampiasaina ;
- Tandremana tsara ny tsy hitsabahan'ny resaka politika amin'ny fanabeazana izay atao : ady amin'ny kolikoly no resahina fa tsy fanindrahindrana na fanaratsiana olona /mpanao politika /mpitondra.

Fanamarihana : Ireo antotan-kevitra tsy tokony hisaraka amin'ity torolàlana ity.

- Lalàna 2016-020 momba ny ady amin'ny kolikoly ;
- Paikadim-pirenena iadiana amin'ny kolikoly.

- Modely fitarainana ;
- Ireo adiresin'ny Fitaleavam-paritra 6 ho an'ny BIANCO ;
- Kisarisarin'ny lalana izoran'ny fitarainana voarain'ny BIANCO ;
- Ireo fomba fitarainana eo anivon'ny BIANCO.



MODELY FAMETRAHANA FITARAINANA KOLIKOLY

Daty sy ny toerana nanaovana ny fitarainana:

I. NY MOMBAMOMBA NY OLONA MANAO FITOROHANA NA FITARAINANA:

Anarana/fanampin'anarana:

Lahy/Vavy:

Asa atao:

Adiresy:

Fokontany: Kaominina:

Faritra: Distrika: Faritany:

Laharan-tariby: Mailaka:

II. NY MOMBAMOMBA ILAY OLONA TOROHANA:

Anarana/fanampin'anarana:

Asa atao:

Adiresy:

Fokontany: Kaominina:

Faritra: Distrika: Faritany:

Laharan-tariby: Mailaka:

III. ANTONTAM-BAOVAO AMIN'NY ANTSIPIRIHANY MOMBA ILAY TRANGA KOLIKOLY:

Daty nitrangan'ilay kolikoly:

Toerana na adiresy nitrangan'ny kolikoly:

Andraikitr'ilay torohana:

Votoatin'ny fitarainana:

Inona ilay tsy fanarahan-dalàna nataon'ilay ahiahiana ho nanao kolikoly:

IV. IREO VAVOLOMBELONA SY IREO TARATASY AHAFAHANA MANAPOROFO ILAY TRANGA KOLIKOLY

Porofon'ny itazoman'ny mpitaraina fa tena nisy ilay kolikoly (sary, feo, vidéo, taratasy)

Iza avy ny olona nanatri-maso teo (raha nisy):



IREO BIRAON'NY BIANCO MANERANA NY NOSY



BIANCO MAHAJANGA
 Villa «Baobab» Mahajanga Be - BP. 708
 Mahajanga 401
 E-mail : bianco.dtmga@moov.mg
 bianco.dtm@bianco-mg.org
 Tel : + 261 32 61 483 50
 + 261 33 61 483 50
 + 261 34 81 483 50



BIANCO ANTSIRANANA
 Terrain La Radio Soafeno Sans fil
 E-mail : bianco.dtl@bianco-mg.org
 BP - 524 - Antsirana 201
 Tel. 032 90 697 40



BIANCO ANTANANARIVO
 Villa La Piscine Ambohibao,
 BP 399 Antananarivo 101
 E-mail : bianco.dta@bianco-mg.org
 Tel : 0330200296
 0335460000



BIANCO TOAMASINA
 Angle Boulevard Joffre, rue Bir
 Hakeim
 BP 517 Ampasimazava
 Toamasina (501)
 E-mail : dtl@bianco-mg.org
 biancodtl@moov.mg
 034 26 055 41 / 032 81 220 97



BIANCO TOLIARA
 Fokontany/Quartier
 Amorondriaky Toliara centre TOLIARA
 BP- 531
 E-mail : bianco.dtl@bianco-mg.org
 Tel 038 52 789 11
 038 53 900 83
 038 63 401 30



BIANCO FIANARANTSOA
 Bâtiment «Haogna» Tanambao
 BP : 1225, Fianarantsoa 301
 E-mail : bianco.dtl@bianco-mg.org
 Téléphone : 034 27 165 55



Azo atao ihany koa ny mifandray amin'ny:


biancomadagascar-page

033 54 600 00

i-toroka



Mankaiza ny fitoriana sy ny fitorohana?



LALÀNA : NATAO HO AN'NY REHETRA KOLIKOLY : AOK'IZAY E !!



i-Toroka :

Fitorohana tsy mitonona anarana
atao ao amin'ny
www.bianco-mg.org



BIANCO

📍 Villa « La Piscine » Ambohibao
BP 399 – Antananarivo 101

☎ 033 54 600 00

✉ bianco@moov.mg

🌐 biancomadagascar-page

🌐 www.bianco-mg.org



